# CONCERTATION NATIONALE DE LA DIASPORA

**Scannez pour s'inscrire**

### Charte des Assises de la Diaspora

**Pour une refondation citoyenne, inclusive et transparente de la Nation**

**Préambule**

Nous, citoyennes et citoyens malgaches vivant à l'étranger, issus de toutes les régions, générations, croyances et parcours, affirmons notre attachement à la Nation et notre volonté d'y contribuer de façon utile, digne et responsable.

Conscients que la refondation ne peut réussir sans la participation du peuple dans toute sa diversité, nous reconnaissons la diaspora comme une composante de la Nation, avec les mêmes droits, devoirs et exigences de probité.

Cette Charte fixe un cadre commun pour les Assises de la Diaspora. Elle constitue un engagement civique fondé sur l'intérêt général, la non-violence, l'État de droit, la vérité des faits et la solidarité. Elle organise les étapes : échanger, structurer, proposer, puis veiller à l'intégration effective des apports dans la Concertation nationale.

**I. Notre vision**

Reconstruire une Nation depuis ses fondations grâce à une concertation nationale impliquant une diaspora engagée, solidaire, inclusive et crédible, capable de formuler des propositions et d'assurer une vigilance citoyenne. Pour y parvenir, nous créons un espace de dialogue ouvert et participatif qui rassemble tous les Malgaches autour d'un objectif commun : convertir les attentes, frustrations, idées et compétences de la diaspora en propositions pertinentes, hiérarchisées et argumentées, puis veiller à leur intégration effective dans la Concertation nationale afin de servir l'intérêt général.

**II. Nos valeurs fondamentales**

1. Souveraineté populaire, Fokonolona et égalité du citoyen Le pouvoir politique et les choix collectifs doivent partir des communautés et respecter l'égalité de chaque citoyen, sans privilèges ni hiérarchies de statut.
2. Inclusivité et justice sociale Aucune refondation n'a de sens si elle exclut, invisibilise ou abandonne les plus vulnérables.
3. Vérité et transparence Les faits, les décisions, les règles de tri et de priorisation doivent être clairs, justifiables et traçables.
4. Citoyenneté et civisme La liberté d'expression s'accompagne de
4. devoirs : respect, responsabilité, esprit de service et discipline collective.
5. Pluralisme des idées et liberté d'expression Les Assises de la Diaspora protègent la diversité des opinions et organisent le débat sans intimidation ni censure arbitraire.
6. État de droit et non-violence Nous privilégions les voies civiques, légales et pacifiques. La fin ne justifie pas les moyens.
7. Fihavanana sy firaisankina Nous cultivons le lien social, la solidarité, la réconciliation et la cohésion nationale au service du bien commun.

**III. Notre mission**

Les Assises de la Diaspora ont pour mission de :

- Offrir un espace de dialogue citoyen ouvert à toutes les composantes légitimes de la diaspora, où les désaccords peuvent s'exprimer sans violence et avec respect.
- Collecter les remontées de la diaspora, doléances, attentes, constats, propositions, compétences mobilisables.
- Produire des résolutions et des propositions utiles, hiérarchisées, argumentées, orientées vers des résultats concrets.
- Veiller à la prise en compte réelle des apports de la diaspora dans les Assises nationales, et à leur fidélité à l'intérêt général.

**IV. Nos objectifs communs**

1. Rassembler et faire participer la diaspora Créer une dynamique large, accessible, régulière, avec des relais par pays, ville et communautés.
2. Identifier les idées qui contribuent à la refondation de la Nation Transformer les vécus et constats en sujets structurés, puis en propositions formulées de manière exploitable.
3. Prioriser les idées qui permettent une vie décente - Mettre en tête ce qui touche aux besoins vitaux, à la justice, à la dignité, à l'accès effectif aux droits.
4. Intégrer la diaspora dans la vie civique et citoyenne Passer d'une diaspora spectatrice à une diaspora contributrice, qui rend des comptes et assume un rôle de vigie.
5. Proposer un calendrier jalonné Définir des étapes, des livrables et des indicateurs publics de progression.

**V. Nos lignes rouges**

1. Refus de toute forme de violence, d'incitation à la haine, d'humiliation ou de harcèlement.
2. Refus de la corruption et de la spoliation, sous toutes leurs formes, y compris l'opacité financière, le trafic d'influence et les conflits d'intérêts.
3. Refus de l'exclusion fondée sur l'origine, la région, le genre, la religion, la classe sociale, la langue, l'appartenance politique ou les opinions.
4. Refus de l'instrumentalisation des Assises à des fins personnelles, partisanes, clientélistes ou contraires à l'intérêt général.
5. Refus des processus non transparents : règles floues, décisions non motivées, absence de traçabilité, fabrication de consensus.

**VI. Engagement et méthode**

1. Charte ouverte La signature de la Charte est ouverte à toute personne ou organisation qui adhère à ces valeurs, missions et objectifs. Elle est obligatoire pour les organisateurs des Assises.
2. Engagement de responsabilité Chaque participant aux Assises s'engage à :
   - contribuer de bonne foi, sans désinformation ni intimidation.
   - respecter les règles de civisme, de non-violence et de pluralisme des idées.
   - accepter la priorisation collective fondée sur des critères publiés.
   - rendre compte publiquement, à son niveau, de ses actions et positions lorsque celles-ci engagent le collectif.
3. Méthode en 5 temps
   - collecte des apports
   - tri, regroupement et clarification
   - priorisation participative (expression & plaidoyer) et votes majoritaires (le cas échéant)
   - production de livrables et dépôt
4. Suivi de prise en compte
5. Transparence des livrables Les résolutions, propositions, critères de priorisation et calendriers sont publiés dans un format accessible, avec un historique des mises à jour.
6. Cellule de veille citoyenne Une cellule de veille est chargée d'assurer :
   - la cohérence avec la Charte
   - la transparence du processus
   - la publication régulière des résultats et du suivi
   - l'actualisation de la Charte si la discussion collective le décide

**Charte des Assises de la Diaspora, Madagascar, 2025**
**Au service de l'intérêt général, de la dignité, et de la refondation citoyenne.**
**Cette Charte constitue le socle commun des Assises de la Diaspora.**

# SATAN'NY FIHAONAMBEN'NY DIASPORA

## Ho fanorenana ifotony ny firenena, majana ny zo, tsy manavakavaka, ary mangarahara

**Sasin-teny**

Izahay, olom-pirenena malagasy monina aty ivelan'i Madagasikara, zanak'ampielezana avy amin'ny lafivalon'ny Nosy, taranaka mifandimby, manana karazam-pinoana samihafa, ary nandia fiainana samihafa, dia manamafy ny firaisanay hina amin'ny Firenena, sy ny fahavononanay handray anjara mavitrika amin'ny fanorenana azy, amin'ny fomba mahomby sy mendrika ary matotra.

Satria fantatra fa tsy ho tanteraka ny fanorenana ifoton'ny Firenena raha tsy misy ny fandraisan'anjaran'ny vahoaka iray manontolo, dia miombon-kevitra izahay fa ny diaspora ihany koa dia ampahan'ny Firenena, mizaka ny zo sy ny adidy ary ny fahatomombanana toy ny olom-pirenena malagasy rehetra.

Ity Sata ity dia mamaritra ny fehy iraisana natao ho an'ny Fihaonamben'ny diaspora. Izany dia ny fandraisan'andraikitra amin'ny maha-olom-pirenena, izay maka fototra amin'ny fikatsahana ny tombontsoa iombonana, ny fandavana ny herisetra, ny fandàlana ny tany tan-dalàna, ny fahamarinana, ary ny fiahiana ny mpiara-belona.

**I. Vina**

Aorina miainga avy any amin'ny fototra ny Firenena amin'ny alalan'ny dinika izay andraisan'ny diaspora anjara feno sy mavitrika, amim-piraisankina, tsy mialon-jafy, matotra, ka mahay mandroso tolo-kevitra, ary manara-maso amin'ny fijerin'ny maha olom-pirenena azy.

Ho fahatratrarana izany dia manorina toerana iray hifanakalozan-kevitra isika, tsy misy fanavakavahana amin'ny fandraisan'ny tsirairay anjara, toerana izay manambatra ny Malagasy rehetra hizotra ho amin'ny tanjona tokana : ny fanaovana ny hetaheta sy ny fahadisoam-panantenana, ary ny soson-kevitra sy ny fahaiza-manaon'ny diaspora, ho lasa tolo-kevitra mitombina, mirindra sy voaporofo, ary avy eo dia amarinina izany fa tafiditra tokoa ao anatin'ny vokam-pikaonan-doham-pirenena izy ireny mba ho tombontsoa iombonana.

**II. Ny soatoavina**

**1. Fiandrianam-bahoaka, fokonolona ary fitovian-tsaranga**

Ny fahefana sy ny safidy iarahana dia tsy maintsy miainga avy any amin'ny fokontany ary manaja ny fitovian-tsaranga, ka tsy misy tombontsoa manokana na fanavankavahana.

**2. Fampiatiana sy rariny ara-piarahamonina**

Tsy misy fanorenana ifotony raha misy ilikilika, afinafina ary fandaozana izay marefo.

**3. Fahamarinana sy mangarahara**

Ny tranga, ny fanapahan-kevitra, ny fandaharana ara-pahamehana dia mazava, azo hamarinina ary azo zohina.

**4. Maha-olom-pirenena sy fitondran-tena mendrika**

Ny fahalalahana maneho hevitra dia miaraka amin'ny adidy : fanajana, fandraisan'andraikitra, toe-tsaina tia manampy ary fandàlana ny fitsipika iraisana.

**5. Fahasamihafan-kevitra sy fahalalahana maneho hevitra**

Ny Fihaonamben'ny Diaspora dia miaro ny fahasamihafan-evitra ary manatanteraka ny adihevitra tsy hisy fandrahonana na sivana tsy ara-drariny.

**6. Fanjakana tan-dalàna sy fandavana ny herisetra**

Safidina ny fomba mendrika, manara-dalàna ary milamina. Tsy ekena ny teren-komasaka.

**7. Fihavanana sy firaisankina**

Ampiroboroboina ny fihavanana, ny firaisankina, ny fampihavanam-pirenena ary ny
firaisan-kina ho an'ny soa iombonana.

**III. Ny iraka**

- Ny Fihaonamben'ny Diaspora dia manatanteraka ireto iraka manaraka ireto:
- Manome sehatra hifanakalozan-kevitra misokatra ho an'ny sokajin'olona mendrika ho diaspora rehetra, ahafahan'ny tsy fitovian-kevitra mivoitra am-pilaminana sy am-panajana.
- Manangona ny hevitra avy amin'ny diaspora, fitarainana, hetaheta, hita maso, soso-kevitra, fahaiza-manao azo ampiasaina.
- Mamolavola fanapahan-kevitra sy tolo-kevitra mahasoa, voalahatra ara-pahamehana,
- mazava ary amin'ny vokatra azo tsapain-tanana.
- Manara-maso ny fandraisana marina ny tolotry ny diaspora ao amin'ny Fihaonambem-pirenena, sy ny fifanjohizan'izany amin'ny tombontsoa iombonana.

**IV. Ny tanjona iraisana**

1. Avondrona ary ampandraisana anjara ny diaspora

Foronina ny fiaraha-mientana arak'izay lehibe indrindra, ka mora andraisana anjara, mitandavana, ary hisian'ny solontena isam-pirenena, tanàna na fiarahamonina.

2. Fantarina ireo hevitra manampy amin'ny fanorenana ifotony ny Firenena

Avadika ny traikefa sy ny zava-misy ho lohahevitra sy tolo-kevitra azo ampiharina.

3. Atao laharam-pahamehana ireo hevitra mitondra amin'ny fiainana mendrika

Atao voalohany ireo mikasika ny filàna fototra, ny rariny, ny fahamendrehana ary ny fananan-jo.

4. Ampidirina ao amin'ny fiainam-pirenena ny diaspora

Atao mpandray anjara ny diaspora fa tsy mpitazana fotsiny intsony, manao tatitra ary mandray andraikitra amin'ny fahamailoana.

5. Mamolavola tetiandro aman-dingana

Mamaritra ny dingana, ny vokatra andrasana ary ny mari-drefin'ny fandrosoan'ny asa.

**V. Ny tsipika mena**

1. Ny fandavana ny herisetra amin'ny endriny rehetra, ny fikolokoloana ny fifankahalana, ny fanalam-baraka na ny fanenjehana.
2. Ny fandavana ny kolikoly sy ny fandrobana, amin'ny endriny rehetra, anisan'izany ny tsy fangaraharana ara-bola, ny fanararaotam-pahefana ary ny fiandaniana ho an'ny tombotsoa manokana.
3. Ny fandavana ny fanilikilihana nohon'ny fiaviana, ny faritra, ny maha lahy na vavy, ny fivavahana, ny saranga, ny fiteny, ny firehana ara-politika na ny fanehoan-kevitra.
4. Ny fandavana ny fampiasana ny Fihaonambe ho an'ny tombontsoa manokana, fiandaniana, fifidifidiana tarehy na mifanohitra amin'ny tombontsoa iombonana.
5. Ny fandavana ny fizotry ny asa tsy mangarahara : fitsipika tsy mazava, fanapahan-kevitra tsy misy fanazavana, tsy fisian'ny fanaraha-maso na famoronana fifanarahana sandoka.

**VI. Fanekena andraikitra sy fomba fiasa**

1. **Sata misokatra**

Misokatra ho an'ny olona na fikambanana rehetra manaiky ireo soatoavina, iraka ary tanjona ireo ny fanaovan-tsonia ny Sata. Ho an'ny mpikarakara ny Fihaonambe dia an-tery ny fanaovan-tsonia.

2. **Fanekena andraikitra**

Ny mpandray anjara tsirairay dia manaiky :

- Handray anjara amim-pahitsiana, tsy misy fanaparitahana vaovao diso na fandrahonana.
- Hanaja ny fitsipika, ny tsy fampiasan-kerisetra ary ny fahasamihafan-kevitra.
- Hanaiky ny fanomezan-danja ireo hevi-dehibe misongadina.
- Hanao tatitra ampahibemaso, araka ny andraikiny, ny zava-bitany sy ny fanapahan-keviny raha toa miantraika amin'ny besinomaro.

3. **Fomba fiasa mandalo dingana dimy (5)**

- Fanangonan-kevitra
- Fanasokajiana, famondronana ary fangatahana fanazavana fanampiny raha ilaina
- Fanomezan-danja ireo hevitra misongadina ary asiana fifidianana raha ilaina
- Fanaovana antsoratra ny vokatra sy fanolorana an'izany
- Fanarahamaso ny fampiharana

4. **Mangarahara amin'ny vokatra**

Ny fanapahan-kevitra, tolo-kevitra, mason-tsivana ara-pahamehana sy ny tetiandro dia atao azon'ny be sy ny maro jerena, ary misy izohina ny zava-bita teo aloha.

5. **Vaomiera mpanara-maso**

Atsangana ny sampana manara-maso manome antoka :

- ny fanarahana ny Sata
- ny fangaraharan'ny fizotry ny asa
- ny fampahafantarana ny vokatry ny asa sy ny fanara-maso izany
- Ny fanavaozana ny Sata raha tapaky ny besinimaro izany

**Fisoratana anarana**

**Sata mifehy ny Fihaonamben'ny Diaspora, Madagasikara, 2025**
**Ho an'ny tombontsoa iombonana, sy ny fahamendrehana ary ny fanorenana ifotony.**
**Ity Sata ity no fototra iraisana amin'ny Fihaonamben'ny Diaspora.**